Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FIARAHA-MIVAVAKA

Alarobia 06 mey 2020

Mitarika : Pst Elysée Andriamiandra

- **Feon-kira fidirana**

" Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina." Amena.

- **Fiarahabana sy fanolorana ny Lohahevitra :**

" KOA MAMOAZA VOA MIENDRIKA NY FIBEBAHANA."

Anio : **"Miseseha hiditra amin' ny varavarana èty hianareo."** Lio.13.22-30

Hira : Antoko Mpihira

Vakiteny 1 : Lioka 13.22-23a

22 Ary Jesosy nandeha nitety ny tanàna sy ny vohitra nampianatra sady nandroso hankany Jerosalema. 23 Dia hoy ny anankiray taminy ; Tompoko, moa vitsy va no hovonjena ?

Fanazavana ny teny

Hira : 482 :1,5 Jehovah ô, Ianao nandinika ahy

Vavaka

Vakiteny 2 : Lioka 13.23b-24

Ary hoy Izy tamin' ny olona :24 Miseseha hiditra amin' ny varavarana èty hianareo ; fa hoy Izaho aminareo : Maro no hitady hiditra, fa tsy ho afaka.

Fanazavana ny teny

Hira : 451 : 1,3 Tompo ô ! Tsy takatry ny saiko.

Vavaka

Vakiteny 3 : Lioka 13.25-28

25 Rehefa mitsangana ny tompon-trano ka manidy ny varavarana, ary hianareo mijanona eo ala-trano mandondòna ny varavarana ka manao hoe : Tompoko, vohay izahay, dia hamaly Izy ka hanao aminareo hoe : Tsy fantatro na avy taiza na avy taiza hianareo ;26 ary amin' izay hianareo dia hanao hoe : Nihinana sy nisotro teo anatrehanao izahay, ary nampianatra teny an-dalambenay Hianao. 27 Fa Izy hiteny hoe : Lazaiko aminareo : Tsy fantatro na avy taiza na avy taiza hianareo ; mialà amiko, hianareo rehetra mpanao meloka.28 Any no hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify, raha mahita an' i Abrahama sy Isaka sy Jakoba ary ny mpaminany rehetra eo amin' ny fanjakan' Andriamanitra hianareo, fa ny tenanareo kosa dia voaroaka any ivelany.

Fanazavana ny teny

Hira : 446 : 1,2

Vavaka

Hivavaka ho an'ny kristiana mba tena hanolo-tena ho an'ny Tompo, ka handà ny tena, hanaiky ny Tompo amin'ny zavatra rehetra, mba ho ny fitiavana ny Tompo no manosika hanompo fa tsy ny zavatra ivelany.

Hivavaka ho an'ny fianakaviana mba tena ho fijoroana ho vavolombelon'i Kristy ny fifandraisana sy ny fiainan'ny mpianakavy, fa tsy filna izay hampetipety ny fiainan'ny tsirairay fotsiny.

Hivavaka ho an'izao tontolo izao manoloana ny coronavirus, ho an'ny marary, ho an'ny mpitsabo, ho an'ny mpitondra mba samy hofenoin'Andriamanitra hery sy fahendrena ary ho an'ny fikarohana fanefitra mba hahita fahombiazana.

Vakiteny 5 : Lioka 13.29-30

29 Ary ho tonga avy any atsinanana sy avy any andrefana ary avy any avaratra sy avy any atsimo ireny ka hipetraka hihinana eo amin' ny fanjakan' Andriamanitra.30 Ary, indro, misy ny aoriana ho aloha, ary misy ny aloha ho aoriana.

Fanazavana ny teny

Hira : 51 :5 O ! Avia re, ry Tompo !

Vavaka

...

- **Fehiny :** Heb.12.1-2,15

" Koa amin' izany, satria misy vavolombelona maro be toy izany manodidina antsika toy ny rahona, dia aoka isika koa hanaisotra izay rehetra mitambesatra amintsika mbamin'

ny ota izay malaky mahazo antsika, ary aoka isika hihazakazaka amin' ny faharetana amin' izao fihazakazahana filokana napetraka eo anoloantsika izao, mijery an' i Jesosy, Tompon' ny finoantsika sy Mpanefa azy, Izay naharitra ny hazo fijaliana, fa tsy nitandro henatra, mba hahazoany ny fifaliana napetraka teo anoloany, ka dia efa mipetraka eo amin' ny ankavanan' ny seza fiandrianan' Andriamanitra Izy. Ary mitandrema tsara, fandrao hisy hiala amin' ny fahasoavan' Andriamanitra; fandrao hisy faka mangidy mitsimoka hampikorontana, ka ho voaloto ny maro."

Hira : 638.1 Ry Jeso Mpamonjy malala.

- **TSODRANO** 1Pet.5.10

"Ary Andriamanitry ny fahasoavana rehetra, Izay efa niantso anareo ho any amin' ny voninahiny mandrakizay ao amin' i Kristy, rehefa niaritra fahoriana vetivety hianareo, dia Izy no hahatanteraka sy hampiorina ary hampitoetra anareo."

- **HIRA : Antoko Mpihira**

- **Feon-kira famaranana.**